


Raha mbola tsy fantatra ny mikasika ireo polisy navanon-doza nandoro trano tany amin’ny faritra Sofia tany, dia mbola polisy ihany ny sahy mandrahona mpanao gazety amin’ny alalàn’ny facebook.

Tsy hiverina hiditra lalina amin’ny tranga niseho tao aminy radio Jupiter (vakio **ETO** sy **ETO** ary **ETO** ) aho, fa ny zava-misy dia tsy mahafehy tena mihitsy ity polisy iray ity.



**Io ny lehilahy mandrahona olona nefa hoe mpitandro filaminana. Ho aiza mihitsy ary ity firenena malagasy ity e?**

Jean Laurent Razafimamonjy ny anarany entiny ao aminy facebook. Tena anarany io ary tena polisy izy. Dia io nandrahona an'i Fernand Cello fa *"hamboariny"* hono. Hanamboatra no izy fa tsy *"hanambotra"* sa koa hambotry tsotra izao? Ary raha atao ary hoe hanambotra (avy amin'ny teny misambotra), taiza teto an-tany no nisy mpitandro filaminana iray manan-jo hanambotra olona iray tsy misy taratasy? Hanamboatra ianao rangaha a! Ka meloka ianao.




Samy mahalala ny dikan'io *"hamboarina"* io raha mbola Malagasy ihany. Fa dia ahoana loatra? Sa rehefa mpitandro filaminana dia mihevitra ho tsy matimanota satria hisy hiaro foana ao ambony ao? Tsy ampy angaha ny nanjo ny minisitrareo Anandra Norbert?




[illegible] **Fernand Cello** [illegible] Madagasikara [illegible]




[illegible] *"alién*